BISMIHI TA'ALA

KORBATANE ILALLAH N°61

févr 2021

VAVAKA FITALAHOANA MATANJAKA

Noresahako tao amin'ny « groupe KORBATANE » tamin'ny 20 mai 2020 fa misy manampahaizana egiptiana nanambara fa maro ireo boky famakafakana ny koroany eo am-pelatanan'izy ireo no manambara mazava an'ilay teny nalefan'i Zanahary, ilay Masina sy Avo indrindra, ho an'i Adama (A) mba hibebahany amin'ny hadisoana nataony, rehefa tonga teto an-tany izy. Afaka mijery miverina mijery izany izay liana satria nalefako niaraka tamin'izany ilay video miresaka azy.

Nambarany mazava ao anatin'izany video izany fa fangatahana amin'ny alalan'i Mohammad (S), Ali, Fatimah, ary Hassan sy Houssen (A) io teny nalefan'i Zanahary io ka namelany ny fahadisoany. Ary nanafatra an'i Adama (A) i Zanahary, hoy ity manam-pahaizana ity, mba hampiasa an'izany teny izany isaky ny misy zavatra angatahany aminy. Ka mifandraika amin'izay indrindra no zavatra resahantsika anio.

Alakamisy isika izao, hiditra Zoma. Tsarovy fa ny **alin'ny Zoma voalohany** amin'ity volana RAJABO ity dia antsoina hoe ALIN'NY FANIRIANA/HETAHETA. Izany hoe io alina miditra afaka ora vitsy io izany, **Alakamisy hifoha Zoma**. Noho izany dia misy vavaka manokana vao henoko tsy ela, ho zaraiko aminao, raha te hanararaotra an'io alina io ianao.

Ao amin'ny sorato AL AHZABO, ayato 56 dia ahitana teny fa Zanahary sy ireo Anjely maro be dia samy manao SALAWATO amin'ilay Mpaminany (Mohammad "S"). Maro ny fomba nandikako an'io hatrizay. Fa ilay nampianarin'ny Docteur AHMAD AL WAA-ILY no andikako azy ankehitriny. Ny teny hoe SALAT hoy izy dia midika ho vavaka fanompoana na koa vavaka fangatahana amin'ireo mpanompo rehetra. Fa amin'ilay Tompo kosa dia MANANDRATRA VONINAHITRA no dikany. Noho izany dia toy izao no andikako an'ilay ayato : "**Marina dia marina tokoa fa Allah dia manandratra voninahitra hatrany an'ilay mpaminany, ireo anjeliny maro be koa dia mangataka an'izany, koa aoka ianareo mpino mba hangataka fanandratam-boninahitra ho azy (ilay mpaminany) sy hirary fandriam-pahalemana/fiadanana tanteraka/feno ho azy**"

Ny tsy azo iadian-kevitra dia baiko nomen'i Zanahary antsika io ary io ihany no asa tokana izay sady ataony no anomezany baiko ny mpanompo sy mpino rehetra hanao azy tsy tapaka. Ireo manam-pahaizana moa dia manambara fa ny fanaovana izany salawato izany no fahatsiarovana an'i Zanahary (zhikr) tsara indrindra. Ary izany ihany koa no asa farany mavesa-danja indrindra amin'ireo zavatra rehetra natao ho lanjaina amin'ny andro farany.

Ny mpaminany (Zanahary anie hanandratra voninahitra sy hanome fiadanana azy ireo fianakaviany) dia nampianatra fa izay olona mangataka an'io fanadratam-boninahitra io ho azy dia hampiakarin'i Zanahary folo avo heny ny voninahiny (eo anatrehan'ilay Nahary). Ary raha mijery ao amin'ny *youtube* ianareo dia maro dia maro tokoa ireo olona mijoro vavolombelona amin'ny fahagagana tsapa na ianan'ireo olona mpanao salawato amin'ny mpaminany (S).

Misy tantara iray aza henoko tany Vohipeno tany amin'ny ankatoky ny taona roa arivo tany. Lehilahy iray, nafana fo amin'ny finoana. Efa lehibebe taona izy tamin'izay. Rehefa naheno ny fampianarana momba an'io izy dia nanao matetika an'izany salawato izany. Indray alina, efa alina be, nisy olona nandeha lakana nandalo teo akaikin'ny tanimboliny dia "TOA NY NAHITA AZY TEO AMIN'NY TANIM-BOLINY TEO". Rehefa maraina ny andro dia nanontany azy ilay olona hoe inona no nataony teny amin'ny andro alim-be. Dia namaly tsotra izy fa tsy nivoaka ny trano ny alina. Dia tsy nety nino ilay olona satria MASONY HONO NO NAHITA….

Alakamisy 18 féb 2021

Misy video iray nanovozako fahalalana ity inoako fa azon'ny tsirairay atao amin'ny alina manan-danja toy ny anio hariva sy ny alina masina rehetra. https://youtu.be/dKhMaLNG-yk

Nisy manam-pahaizana hoy izy, nitantara taminy, hoe nisy mpino iray sendra olana ara-bola. Izay nalehany rehetra tsy nahavaha ny olany avokoa. Dia tonga tamin'ity manam-pahaizana ity ilay ranamana nitantara ny olany. Dia nambarany hoe misy vavaka izay any mahomby tokoa. Manao SALAWATO 500 ary atao ho fanomezana ho an'ny Imamo Moussa AL KAZHIM (A). Ary 500 hafa ataovy trosa hataonao afaka 2 herinandro. Dia nataony tokoa izany ary afaka 6 andro monja izy dia niverina nanambara vaovao tsara tamin'ilay olona nampianatra azy an'ilay vavaka fa nivaha tanteraka tamin'ny fomba mahagaga ilay olana nahazo azy.

Indray andro, tao QOM, nisy manam-pahaizana tonga namangy olona iray. Dia variana izy nahita ny endrik'ilay olona toa feno alahelo sy asa loha. Dia nilaza ilay olona fa lasa JAMBA ny zanany 10 taon. Ary isaky ny mankany amin'ny mpitsabo maso izy dia voalaza fa tsy fantatra izay nahatonga izany. Dia nanambara taminy ilay manam-pahaizana fa misy vavaka iray azo antoka fa mahomby satria efa maro no nanao azy. Manao fidio manazava, dia mamonjy toerana tafo lanitra, ary tsy miresaka na amin'iza na amin'iza mandritra ny vavaka atao. Toy izao ilay vavaka: mamerimberina in 530 ny hoe:

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى فَاطِمَةَ وَابِيْهَا وبَعْلِهاَ وبَنِيْهَا عَدَدَ مَا أَحَاطَ بِهِ عِلْمُكَ

ALLAHOM'MA S'AL-LY A'LA FAAT'IMATA, WA ABYIHA, WA BA-EN-LIHA, WA BANYIHA ANDADA MA AHAAT'A BIHY IN-LMOKA

(ZANAHARY Ô! ASONDROTY VONINAHITRA I FATIMA, NY RAINY, NY VADINY ARY IREO TARANANY …)

Dia nanapakevitra ny rain'ilay zaza namonjy toerana malalaka tany amin'ny haramon'i Maasoma (A) no nanao azy. Tamin'ny voalohany, rehefa tafaverina an-trano izy dia somary sadaikatra satria toa tsy mbola nivaly ny fangatahany. Dia niverina indray izy tamin'ny andro hafa namonjy an'ilay toerana namerina nanao izany vavaka izany. Rehefa izany dia nitodi-doha namonjy fodiana izy. Raha vao niditra ny trano izy dia DIBOK'HAFALIANA FA NIVERINA NAHITA TSARA ILAY ZANANY VAVY…..

Zanahary tokoa dia Mahefa amin'ny zavatra rehetra ary NAMPANANTENA FA AKAIKY SY MAMALY VAVAKA AN'IREO IZAY MIANTSO AZY araka ny hita ao amin'ny sorato AL BAQARA sy ny nampianarin'ilay Mpaminany Masina Mohammad (Zanahary anie hanadratra voninahitra azy sy ny fianakaviany hatrany). Fa araka ny voalaza ombieny ombieny dia takiana amin'ny fanompoana Azy ny fahalalana aloha. Izany hoe MILA FANTATRA MAZAVA TSARA HOE IZA ARY MANAO AHOANA ilay ANTSOINA dia inona no fepetra takiany amin'ireo miantso Azy. Fa raha ny valiny dia efa NANOME ANTOKA FA HANOME IZY. Maro dia maro ny olona avy amin'ny vazan-tany efatra hita ao amin'ny youtube ao mijoro vavolombelona amin'ny fahagagana vokatry ny fanaovana vavaka salawato ka aoka izaho sy ianao tsy ho diso anjara amin'izany.

Raha resaka trano no resahina dia heverina ho toy ny efa any amin'ny rihana ambonimbony no resaka eto. Noho izany, mila mandinika ny tsirairay hoe TENA EO AMIN'ILAY TRANO TOKONY HALEHA VE, DIA EFA NANDALO NY RIHANA FARANY AMBANY IZAY VAO MANOMBOKA MIHANIKA TOHATRA

(Mbola hitohy….)

Alakamisy 18 féb 2021